

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

PROMESSE DE VICTOIRE SELON APOCALYPSE 2 - 3

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

PROMESSE DE VICTOIRE

1) Apocalypse =

- Révélations faites à Jean,
- Jean aux sept Eglises qui sont en Asie (Ap 1, 4),
- ... Ce que tu vois, écris-le dans un livre, et envoie-le aux sept Eglises : à Ephèse, à Smyrne, à Pergame, à Thyatire, à Sardes, à Philadelphie et à Laodicée (Ap 1, 10-11)

2) Ces Églises d'Asie mineure ont reçu l'Évangile par l'intermédiaire de Paul (Cf. Act. 19, 8-10). Paul se rendait à la synagogue et il y prenait la parole en toute assurance à propos du Règne de Dieu, s'efforçant de convaincre ses auditeurs.

Comme certains se durcissaient et, loin de se laisser convaincre, diffamaient la Voie en pleine assemblée, Paul rompit avec eux et, prenant à part les disciples, il leur adressait chaque jour la Parole dans l'école de Tyrannos.

Cette situation se prolongea pendant deux ans, si bien que toute la population de l'Asie, Juifs et Grecs, put entendre la Parole du Seigneur).

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

3) Ap 1, 20 dit que :

• les 7 chandeliers = les 7 Églises d'Asie Mineure,

• les 7 étoiles = les anges (envoyés) des 7 Églises

4) Le chiffre 7 exprime l'unité dans toute sa plénitude :

- achèvement
- repos
- bénédiction
- sanctification

5) Structure de Apocalypse 2 - 3 :

- A l'ange de l'Eglise qui est à ..., écris : Ainsi parle ...,
- Je sais (tes œuvres),
- Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Églises,
- Le vainqueur.

6) LE VAINQUEUR (synthèse) =

- Celui qui se repend / Vie éternelle (Éphèse),
- Celui qui est fidèle jusqu'à la mort / Ne souffrira nullement de la seconde mort (Smyrne),
- Celui qui se repend / Nourri et vivifié par le Seigneur (Pergame),
- Celui qui garde jusqu'à la fin mes œuvres / Pouvoir sur les nations (Thyatire),
- Ceux qui n'ont pas souillé leurs vêtements / Le Seigneur répondra d'eux devant le Père et devant ses anges (Sardes),
- Celui qui a tenu ferme / Colonne dans le temple du Seigneur et porter le Nom du Seigneur (Philadelphie),
- Celui qui apprend auprès du Seigneur / Siéger avec le Seigneur sur son Trône (Laodicée).

	EFESOSY	ÉPHÈSE
Iza no milaza ? Qui parle ? And. (v.) 1	Ilay mihazona ny kintana fito eny an-tànany ankavanana sady mandeha eo afovoan' ny fanaovan-jiro volamena fito	celui qui tient les sept étoiles dans sa droite, qui marche au milieu des sept chandeliers d'or
Ny zavatra hitany Quel est son constat ? And. (vv.) 2-3	Fantatro ny asanao sy ny fikelezanao aina sy ny faharetanao ary ny tsi-fahazakanao izay mpanao ratsy ; ary ianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanjo tsy izy, ary hitanao fa mpandainga izy. Ary manana faharetana ianao ka niaritra noho ny anarako sady tsy reraka	Je sais tes œuvres, ton labeur et ta persévérance, et que tu ne peux tolérer les méchants. Tu as mis à l'épreuve ceux qui se disent apôtres et ne le sont pas, et tu les as trouvés menteurs. Tu as de la persévérance : tu as souffert à cause de mon nom et tu n'as pas perdu courage.
Tsiny omeny Ses reproches And. (v.) 4	niala tamin' ny fitiavanao voalohany ianao	ta ferveur première, tu l'as abandonnée
Anatra omeny Quel conseil donne-t-il ? And. (vv.) 5-7a	tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo, dia mibebaha , ka manaova ny asa voalohany ; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao Aho ka hamindra ny fanaovan-jiro hiala amin' ny fitoerany, raha tsy mibebaka ianao. Kanefa izao no toetranao [Gr. anananao] : halanao ny asan' ny Nikolaita, izay halako koa. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana.	Souviens-toi donc d'où tu es tombé : repens-toi et accomplis les œuvres d'autrefois. Sinon je viens à toi, et, si tu ne te repens, j'ôterai ton chandelier de sa place. Mais tu as ceci en ta faveur : comme moi-même, tu as en horreur les œuvres des Nicolaïtes. Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Eglises.
Izay maharesy Que dit-il sur celui qui a la victoire ? And. (vv.) 7b	havelako hihinana ny avy amin' ny hazon' aina , izay eo amin' ny Paradisan' Andriamanitra.	je donnerai à manger de l'arbre de vie qui est dans le paradis de Dieu
Fandresena =	fahavelomana mandrakizay	

	SMYRNA	SMYRNE
Iza no milaza ? Qui parle ? And. (v.) 8	ny Voalohany sy ny Farany, Izay efa maty, nefa velona indray	le Premier et le Dernier, celui qui fut mort, mais qui est revenu à la vie
Ny zavatra hitany Quel est son constat ? And. (v.) 9	Fantatro ny fahorianao sy ny fahantranao (nefa manan-karena ianao), ary ny fitenenan-dratsy [Gr. Blasfemia ; izahao Mat. 9, 3 manao blasfemia, dia miteny ratsy, indrindra fa ny amin' Andriamanitra, na mihambo hanana izay fomban' Andriamanitra] ataon' izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan' i Satana .	Je sais ton épreuve et ta pauvreté (mais tu es riche), et les calomnies de ceux qui se prétendent juifs ; ils ne le sont pas : c'est une « synagogue de Satan ».
Anatra omeny Quel conseil donne-t-il ? And. (vv.) 10-11a	<p>1) Aza matahotra izay efa hiaretanao : indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-trano-maizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana.</p> <p>2) Aoka ho mahatoky hatramin' ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satroboninahitra fiainana.</p> <p>3) Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana</p>	<p>1) Ne crains pas ce qu'il te faudra souffrir. Voici, le diable va jeter des vôtres en prison pour vous tenter, et vous aurez dix jours d'épreuve.</p> <p>2) Sois fidèle jusqu'à la mort et je te donnerai la couronne de vie.</p> <p>3) Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Eglises</p>
Izay maharesy Que dit-il sur celui qui a la victoire ? And. (v.) 11	<p>Aoka ho mahatoky hatramin' ny fahafatesana ianao, dia :</p> <p>1) homeko anao ny satroboninahitra fiainana</p> <p>2) tsy hosimban' ny fahafatesana faharoa</p>	<p>Sois fidèle jusqu'à la mort :</p> <p>1) et je te donnerai la couronne de vie</p> <p>2) ne souffrira nullement de la seconde mort</p>
Fandrekena =	tsy hosimban' ny fahafatesana faharoa	

	TYATIRA	THYATIRE
Iza no milaza ? Qui parle ? And. (v.) 18	ny Zanak' Andriamanitra, Izay manana maso toy ny lelafo, ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano	le Fils de Dieu, celui dont les yeux sont comme une flamme ardente et les pieds semblables à du bronze précieux
Ny zavatra hitany Quel est son constat ? And. (vv.) 19	Fantatro ny asanao sy ny fitiavanao sy ny finoanao sy ny fanompoanao ary ny faharetanao, ary ny asanao farany dia be noho ny voalohany	Je sais tes œuvres, ton amour, ta foi, ton service et ta persévérance ; tes dernières œuvres dépassent en nombre les premières
Tsiny omeny Ses reproches And. (v.) 20-23	<p>Kanefa manan-teny aminao Aho, satria ianao mandefitra amin' ilay vehivavy Jezebel, izay milaza ny tenany ho mpaminanivavy ka mampianatra sady manoloky ny mpanompoko hijangajanga sy hihinana hena naterina tamin' ny sampy.</p> <p>Ary nomeko andro hibebahany izy, nefa tsy mety mibebaka amin' ny fijangajangany izy. Indro, hampandamahiko eo am-pandriana izy, ary izay mijangajanga aminy dia hataoko ao amin' ny fahoriana lehibe, raha tsy hibebaka amin' ny asan-dravehivavy izy.</p> <p>Ary hovonoiko amin' ny fahafatesana ny zanany ; ary ny fiangonana rehetra hahalala fa Izaho no mandinika ny voa sy ny fo ; ary homeko araka ny asanareo avy ianareo rehetra</p>	<p>tu tolères Jézabel, cette femme qui se dit prophétesse et qui égare mes serviteurs, leur enseignant à se prostituer et à manger des viandes sacrifiées aux idoles.</p> <p>Je lui ai laissé du temps pour se repentir, mais elle ne veut pas se repentir de sa prostitution. Voici, je la jette sur un lit d'amère détresse, ainsi que ses compagnons d'adultère, à moins qu'ils ne se repentent de ses œuvres.</p> <p>Ses enfants, je les frapperai de mort ; et toutes les Eglises sauront que je suis celui qui scrute les reins et les cœurs, et à chacun de vous je rendrai selon ses œuvres</p>
Anatra omeny Quel conseil donne-t-il ? And. (vv.) 24-25 + 29	Fa aminareo izay sisa any Tyatira, dia izay tsy manana izany fampianarana izany sady tsy mba mahalala ny ataon' ireo hoe "sain-dalin' i Satana", dia izao no lazaiko : tsy hovesarako entana hafa hianareo ; kanefa izay anananareo dia tano mafy mandrapihaviko. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana.	restez sans partager cette doctrine et sans avoir sondé leurs prétendues « profondeurs » de Satan, je ne vous impose pas d'autre fardeau. Seulement, ce que vous possédez, tenez-le ferme jusqu'à ce que je vienne. Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Eglises.
Izay maharesy Que dit-il sur celui qui a la victoire ? And. (vv.) 26-28	mitandrina ny asako hatramin' ny farany dia homeko fahefana amin' ny jentilisa ; ary hiandry azy amin' ny tehim-by izy ka hanorotoro azy toy ny fanorotoro vilany tany, dia araka izay efa noraisiko tamin' ny Raiko. Ary homeko azy ny kintana fitarika andro	celui qui garde jusqu'à la fin mes œuvres, je lui donnerai pouvoir sur les nations, et il les mènera paître avec une verge de fer, comme on brise les vases d'argile, de même que moi aussi j'en ai reçu pouvoir de mon Père, et je lui donnerai l'étoile du matin
Fandresena =	homen'ny Tompo fahefana amin'ny jentilisa	

	PERGAMOSY	PERGAME
Iza no milaza ? Qui parle ? And. (v.) 12	ilay manana ny sabatra roa lela maranitra	a le glaive acéré à deux tranchants
Ny zavatra hitany Quel est son constat ? And. (v.) 13	Fantatro izay onenanao, dia ao amin' ny itoeran' ny seza fiandrianan' i Satana. Ary mitàna mafy ny anarako ianao ka tsy nandà ny finoana Ahy, na dia tamin' ny andron' i Antipasy martiorako aza, izay lehilahy nahatoky Ahy, dia ilay novonoina teo aminareo, teo amin' izay onenan' i Satana	Je sais où tu demeures : c'est là qu'est le trône de Satan. Mais tu restes attaché à mon nom et tu n'as pas renié ma foi, même aux jours d' Antipas , mon témoin fidèle, qui fut mis à mort chez vous, là où Satan demeure.
Tsiny omeny Ses reproches And. (vv.) 14-15	Kanefa manan-teny kely aminao Aho, fa misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran' i Balama, ilay nanome fo an' i Balaka hanisy fahatafintohinana teo anoloan' ny Zanak' isiraely, hihinana hena naterina tamin' ny sampy sy hijangajanga. Ary toy izany koa, misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran' ny Nikolaita tahaka ny an' ireny.	il en est chez toi qui s'attachent à la doctrine de ce Balaam qui conseillait à Balaq de tendre un piège aux fils d'Israël pour les pousser à manger des viandes sacrifiées aux idoles et à se prostituer. Chez toi aussi, il en est qui s'attachent de même à la doctrine des Nicolaïtes
Anatra omeny Quel conseil donne-t-il ? And. (vv.) 16-17a	Koa dia mibebaha ; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao faingana Aho ka hamely ireo amin' ny sabatry ny vavako. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana	Repens-toi donc. Sinon je viens à toi bientôt, et je les combattrai avec le glaive de ma bouche. Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Eglises
Izay maharesy Que dit-il sur celui qui a la victoire ? And. (v.) 17	homeko mana miafina sady homeko vato fotsy, ary eo amin' ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr' olona afa-tsy izay mandray azy ihany	je donnerai de la manne cachée, je lui donnerai une pierre blanche, et, gravé sur la pierre, un nom nouveau que personne ne connaît sinon qui le reçoit
Fandresena =	velomin'ny Tompo	

	SARDISY	SARDES
Iza no milaza ? Qui parle ? And. (v.) 1a	ilay manana ny Fanahy fiton' Andriamanitra sy ny kintana fito	celui qui a les sept esprits de Dieu et les sept étoiles
Ny zavatra hitany Quel est son constat ? And. (vv.) 1b	Fantatro ny asanao, fa manana anarana ho velona ianao, kanjo maty ihany	Je sais tes œuvres : tu as renom de vivre, mais tu es mort !
Anatra omeny Quel conseil donne-t-il ? And. (vv.) 2-4 + 6	<p>Miambena [Gr. Miareta tory] , ka aoreno tsara ny zavatra sisa izay saiky maty ; fa tsy nisy hitako [Na: (tsy hitako)] tanteraka ny asanao eo anatrehan' Andriamanitra. Dia tsarovy ny amin' ny nandraisanao sy ny nandrenesanao, ary tano mafy, ka mibebaha. Koa raha tsy hiambina [Gr. hiari-tory] ianao, dia ho tonga toy ny fihavin' ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hihaviako aminao.</p> <p>Kanefa misy olona [Gr. anaranana] vitsy atỳ aminao atỳ Sardisy izay tsy nandoto ny fitafiany ; ary hiaramandeha amiko mitafy lamba fotsy ireo, satria miendrika Izy.</p> <p>Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana</p>	<p>Sois vigilant ! Affermis le reste qui est près de mourir, car je n'ai pas trouvé tes œuvres parfaites aux yeux de mon Dieu. Souviens-toi donc de ce que tu as reçu et entendu. Garde-le et repens-toi !</p> <p>Si tu ne veilles pas, je viendrai comme un voleur, sans que tu saches à quelle heure je viendrai te surprendre. Cependant, à Sardes, tu as quelques personnes qui n'ont pas souillé leurs vêtements. Elles m'accompagneront, vêtues de blanc, car elles en sont dignes. Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Eglises.</p>
Izay maharesy Que dit-il sur celui qui a la victoire ? And. (vv.) 5	hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin' ny bokin' ny fiainana tokoa Aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan' ny Raiko sy eo anatrehan' ny anjeliny	portera-t-il des vêtements blancs ; je n'effacerai pas son nom du livre de vie , et j'en répondrai devant mon Père et devant ses anges
Fandresena =	ho eken'ny Tompo ny anarany	

	FILADELFIA	PHYLADELPHIE
Iza no milaza ? Qui parle ? And. (v.) 7	izay masina, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin' i Davida, Izay mamoha ka tsy hisy hanidy, ary manidy ka tsy misy mamoha	le Saint, le Véritable, qui tient la clé de David, qui ouvre et nul ne fermera, qui ferme et nul ne peut ouvrir
Ny zavatra hitany Quel est son constat ? And. (vv.) 8-11a	Fantatro ny asanao (indro, efa nasiako varavarana mivoha eo anatrehanao, ka tsy misy maharindrina azy), fa manana hery kely ihany ianao ka nitandrina [Na: fa na dia kely aza ny herinao, dia efa nitandrina, etc] ny teniko ary tsy mba nandà ny anarako. Indro, alaiko ny sasany amin' ny synagogan' i Satana, izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa mandainga, indro, hataoko tonga hiankohoka eo anoloan' ny tongotrao ireo, ka ho fantany fa Izaho efa tia anao. Satria efa nitandrina ny teniko ny amin' ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin' ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin' izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin' ny tany. Ho avy faingana Aho	Je sais tes œuvres. Voici, j'ai placé devant toi une porte ouverte que nul ne peut fermer. Tu n'as que peu de force, et pourtant tu as gardé ma parole et tu n'as pas renié mon nom. Voici, je te donne des gens de la synagogue de Satan, de ceux qui se disent juifs, mais ne le sont pas, car ils mentent. Voici, je les ferai venir se prosterner à tes pieds, et ils reconnaîtront que je t'ai aimé. Parce que tu as gardé ma parole avec persévérance, moi aussi je te garderai de l'heure de l'épreuve qui va venir sur l'humanité entière, et mettre à l'épreuve les habitants de la terre. Je viens bientôt.
Anatra omeny Quel conseil donne-t-il ? And. (vv.) 11b + 13	tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana.	Tiens ferme ce que tu as, pour que nul ne te prenne ta couronne. Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Eglises.
Izay maharesy Que dit-il sur celui qui a la victoire ? And. (vv.) 12	hataoko andry eo amin' ny tempolin' Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran' Andriamanitro sy ny anaran' ny tanànan' Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin' Andriamanitro, ary ilay anarako vaovao	j'en ferai une colonne dans le temple de mon Dieu, il n'en sortira jamais plus, et j'inscrirai sur lui le nom de mon Dieu, et le nom de la cité de mon Dieu, la Jérusalem nouvelle qui descend du ciel d'auprès de mon Dieu, et mon nom nouveau.
Fandresena =	andry eo amin'ny tempoly, mitondra ny Anaran'ny Tompo	

	LAODIKIA	LAODICÉE
Iza no milaza ? Qui parle ? And. (v.) 14	ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan' izao zavatra noharin' Andriamanitra izao	l'Amen, le Témoin fidèle et véritable, le Principe de la création de Dieu
Ny zavatra hitany Quel est son constat ? And. (vv.) 15	Fantatro ny asanao, fa tsy mangatsiaka na mafana ianao ; aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao	Je sais tes œuvres : tu n'es ni froid ni bouillant. Que n'es-tu froid ou bouillant !
Ny tsiny omeny Ses reproches And. (vv.) 16-17	satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan' ny vavako ianao. Fa hoy ianao : Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory ; kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka	parce que tu es tiède, et non froid ou bouillant, je vais te vomir de ma bouche. Parce que tu dis : je suis riche, je me suis enrichi, je n'ai besoin de rien, et que tu ne sais pas que tu es misérable, pitoyable, pauvre, aveugle et nu
Anatra omeny Quel conseil donne-t-il ? And. (vv.) 18-20 + 22	hividy amiko volamena voadio tamin' ny afo, mba hanan-karena hianao, ary fitafiana fotsy hotafinao, mba tsy hisehoan' ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi- maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao. Izay [Gr. Raha Izaho, dia izay] rehetra tiako no anariko sy faizako; koa dia mazotoa ianao, ka mibebaha. Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara- misakafo aminy, ary izy amiko. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana.	acheter chez moi de l'or purifié au feu pour t'enrichir, et des vêtements blancs pour te couvrir et que ne paraisse pas la honte de ta nudité, et un collyre pour oindre tes yeux et recouvrer la vue. Moi, tous ceux que j'aime, je les reprends et les corrige. Sois donc fervent et repens-toi ! Voici, je me tiens à la porte et je frappe. Si quelqu'un entend ma voix et ouvre la porte, j'entrerai chez lui et je prendrai la cène avec lui et lui avec moi. Celui qui a des oreilles, qu'il entende ce que l'Esprit dit aux Eglises
Izay maharesy Que dit-il sur celui qui a la victoire ? And. (vv.) 12	havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin' ny seza fiandrianako , dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin' ny Raiko eo ambonin' ny seza fiandrianany	je lui donnerai de siéger avec moi sur mon trône , comme moi aussi j'ai remporté la victoire et suis allé siéger avec mon Père sur son trône
Fandresena =	fanjakana, fahefan'ny Tompo	